Voaloham-panatodizan'ny Fano Zaty tany atsimo andrefan'ny Madagasikara, vokatra azo tamin'ny asa fiarovana

Jolay 2008 LAMBOARA : Ireo mpiasa miaro ny tontolo iainana an-dranomasina ao amin'ny British Charity, Asa Fiarovana ny Tontolo Iainana ao amin'ny Blue Ventures dia nanatri-maso ny voaloham-panatodizan'ny Fano Zaty, izay voaporofo fa vokatry ny ezaka mivantana natao hiarovana ity karazana iray ity any atsimo andrefan'ny Madagasikara .

Nisy ny hetsika tsy manam-paharoa nataon'ny mponina ao Lamboara, tanàna saro-dalàna iray any atsimo Andrefan'ny Madagasikara. Nifanaraka ny hiaro ny morondrano fasika manodidina ny tanàna ny mponina. Atao haza lamba ny mpandroba ny toerana fanatodizan'ny fano sy ireo olona izay mbola mihaza azy ireny biby ireny.

Ny fahafoizan'ny atody 92 no nanamarika ny fahombiazan'ny asa fanentanana natomboky ny Blue Ventures roa taona lasa izay. Ny tanjona dia ny ahitana sy ny hiarovana ny toerana anatodizan'ny fano amin'ny moron-drano fasika 50 km any atsimon'ny Morombe.

"Ny fiantraikan'ny tsy fahampian'ny fanabeazana firy momba ny tsingerim-piainana sy ny biolozian'ny fano dia mahatalanjona tokoa", hoy i Charlotte Gough, iray amin'ireo mpandrindra ny asa fanentanana. "Ankehitriny ny mponina dia mahatakatra ny fitrandrahana diso tafahoatra ny harena misy any aminy, ka tsapany fa ilaina ny manao zavatra mba hikajiana ireny harena ireny havela ho an'ny taranaka mifandimby. Ny mponina ihany no nandroso ny hevitra hiarovana ny moron-drano fasika rehefa tonga ny vanim-potoana hanatodizan'ny fano"

Ny Blue Ventures dia miara-niasa amin'ny mponina ao Lamboara amin'ny fiarovana ny toeram-panatodizana. Mpanjono iray no nanao tatitra rehefa henony fa ny orinasa dia manolotra valisoa ho an'ireo olona manome vaovao manodidina ny fanatodizan'ny fano.

"Tena andro manan-danja ho ahy tokoa", hoy ilay mponina iray ao Lamboara, mpiandry moron-drano fasika, Sosy Kadioke. "rehefa nentiko tany an-tanàna ireo fano roa vao foy hany sisa maty dia tsapako fa io no fotoana voalohany mba nahitan'ny olona zanaka fano."

Ny Fano Zaty (*Chelonia mydas*) dia hita any an-dranomasina atsimo andrefan'ny Madagasikara. Ny fano lehibe dia hazain'ny mpanjono ary ny toerana anatodizany dia robainy mba hakany ny atodiny. Ny henan'ny fano dia ataony sakafo ary ny fano vavy dia vonoiny rehefa avy manatody.

"Nihevitra izahay fa tsy misy fano manatody intsony aty aminay. Kanefa ny fanavotany an'ireny atody ireny dia nandrisika ny mponina hanampy amin'ny fiarovana an'ilay karazana

fano', hoy i Gough " Ny fazara-manao aty amin'ity faritra ity dia mazàna rehefa misy tanàna iray misafidy ny hanao zavatra, dia manaraka daholo ny hafa. Ny filohan'ny tanàna hafa rehetra any dia liana tokoa amin'ny tetikasa momba ny fano"

Natahorana mihitsy satria raha ny fandrobana ny atodiny sy ny fihazan'ny fano no jerena dia nahiana tsy hisy intsony ny fano vavy afaka manatody ara-dalàna aty amin'ny faritra aty, toe-javatra iray mety mitarika amin'ny faharinganan'ny taranaka mihitsy. Ny fano zaty vavy dia miverina eny amin'ny torapasika izay ametrahany ny atodiny.

Tamin'ny taon-dasa ny Blue Ventures sy ny tanàna manodidina an'Andavadoaka dia nahazo ny loka Ekoateran, izay tena manan-daza, nomen'ny Fandaharanasa momba ny Fampandrosoana ao amin'ny Firenena Mikambana. Izany dia nohon'ny ezaka natao tamin'ny fikajiana ny zaavoahary eto an-toerana sy ny asa fanalefahana ny fahantrana.

Ny ezaka hafa momba ny asa fiarovana notaritin'ny Blue Ventures any amin'ny faritra, dia ny fananganana eto Madagasikara ny tambazotran'ny toeram-piarovana an-dranomasina, voalohany tantanin'ny mponina. Izany asa izany dia ampiasaina ho antoka amin'ny fananganana tahirin-javaboahary an-dranomasina 50 hafa eto amin'ny firenena; izay tafiditra ao antin'ny Fandaharanasa lehibe iray momba ny fiarovana an-dranomasina, vatsian'ny Banky Afrikanina momba ny Fampandrosoana vola.